



ACCÉSSS

Alliance des Communautés Culturelles pour
l'Égalité dans la Santé et les Services Sociaux



Ny Zava-misy amin' ny COVID 19 — Coronavirus

Ankehitriny, ny Fikambanana Iraisam-Pirenena dia nanambara fa valan'aretina makasika ny izao tontolo izao ny COVID-19, ary na dia efa eo ambany fifehezana aza ny fihitariny ao Quebec, ny herinandro vitsivitsy manaraka izao dia ho manan-danja amin'ny fampitsaharana ny fihitariny ; ny fitondram-panjakana dia mandray ny fepetra ilaina rehetra, ara tsiansa sy ara-tsosialy, mba hamaliana haingana sy amin'ny fomba mahomby io valan'aretina io.

Inona no atao hoe COVID-19 ?

Ny COVID-19 dia otrik'aretina ao amin'ny fianakaviana coronavirus izay mety hiteraka olana ara-pahasalamana goavana, indrindra fa amin' ireo zokiolona na ireo izay manana hery fanefitra malemy na aretina mitaiza.

Inona avy ireo soritr' aretin' ny COVID-19 ?

Ny soritr' aretina dia mitovy amin' ny an' ireo gripa tsotra na tratry ny hatsiaka. Izany dia voafaritra amin' ny alalan' ny :

- Tazona miakatra tampoka (mafana hoditra),
- kohaka
- havizanana
- ary sempotra

Mitovy ve ny soritr'aretina amin' ny olona rehetra ?

Ny olona sasany dia mety tsy ahitana soritr'aretina na sitrana tsy hilana fitsaboana manokana na mampiseho soritr'aretina vitsy kely.

Ny marary hafa dia mety hisedra fanaintainana, fitsiranoka ny orona, na aretim-pivalanana izay mivaotra tsikelikely.

Ny soritr'aretina dia mety ho malefaka (mitovy amin' ny hatsiaka) na mahery vaika kokoa (toy ireo izay mifandray amin' ny pnemonia na fahasaratana mifoka rivotra sy voa). Raha ny tranga mahery vaika dia mety hiteraka fahafatesana ny otrikaretina.

Iza amin'ireo taova no tena voakasik'izany ?

Matetika ny orona, ny tenda ary ny havokavony

Ahoana no fomba ifampitan'ny otrikaretina ?

Afaka mifindra na ampitaina ny aretina amin' ny alalan' ny :

- Fifandraisana mivantana amin' ny piti-droran'ny olona iray voan'ny aretina rehefa mikohaka na mihevona.
- Fifandraisana akaiky sy maharitra amin' ny olona voan'ny aretina.
- Fifandraisana tsy mivantana amin' ny tanana, na zavatra na faritra izay misy piti-drora na zavatra voaroaka ny vava, ny orona na ny mason'ilay olona marary.

Hafiriana ny coronavirus no miaina?

Amin' ny ankapobeny, ny coronavirus dia tsy maharitra ela amin'ny zavatra rehetra :

- Adiny 3 ora eo ho eo, eo amin' ny zavatra na faritra maina
- 6 andro amin' ny zavatra na faritra mando.

Ahoana raha manana soritr' aretina aho ?

Ny mponin'ny Québec izay manana soritr'aretin' ny mafana oditra, ny kohaka na sempotra rehefa miverenan' izy ireo avy any ivelan' i Kanadà, dia iangaviana mba hifandray mivantana amin' ny

1-877-644-4545

Napetraka ao Quebec ny toeram-pitiliana mba hamantarana haingana ny olona tratran'ny tsimokaretina ; ka miantso izany tarehimarika izany alohan' ny handehananao any.

- Rehefa miantso na mitsidika ny hôpitaly izy, dia tokony ho sahinana raha nitsidika firenena hafa ianao nanomboka tamin'ny fiandohan'ny taona 2020 na nifandray tamin'ny olona nifindra monina vao haingana.

Misy vaksiny na fitsaboana ve?

Amin' izany fotoana izao dia tsy misy vaksiny na fitsaboana mivantana, fa ny fitsaboana mety hanohanana ny soritr'aretina dia mety ho hita na azo.

Ny ankamaroan' ny olona voan' ny aretina dia sitrana ho azy irery.

Ny fomba tsara indrindra hiarovana ny tenanao amin' ny otrik' aretina dia ny fampiharana ireto fitsipika fisorohana manaraka ireto.

Ahoana no ahafahako misoroka ny aretina amin' ity otrik' aretina ity ?

Ireto ireo fitsipika fahadiovana izay omena ho an' ny rehetra :

- Sasao matetika amin' ny rano mafanafana sy savony ny tãnana mandritra ny 20 segondra farafahakeliny.
- Mampiasà famonoan-tsimoka misy alikaola raha toa ka tsy afaka mahazo savony sy rano ianao.
- Tandremo ireo fitsipika fahadiovana rehefa mikohaka na mihevona ianao.
 - Rakofy amin' ny sandrinao ny vavanao sy ny orona mba hampihenana ny fiparitahan' ny piti-drora rehefa mikohaka na mihevona ianao.
 - Raha mampiasa mosoara iray ianao, ario haingana izany araka izay azo atao ary sasao ny tananao avy eo.
- Aza atao ny mamangy olona amin' ny hopitaly na ny toerana fikarakarana maharitra mandritra ny 14 andro niveranao avy any firenen-kafa na raha marary ianao.
- Fadio ny fifandraisana mivantana amin' ny fifampiarahabana, toy ny fandraisan-tãnana sy ny oroka

Ny Talem-paritra ny fahasalamam-bahoaka eto Montréal dia manamafy fa ny fidirana ao amin'ny tobi fitiliana na fitsaboana COVID-19 ao amin' ny Hôtel Dieu eto Montréal dia misokatra ho an' ny olona rehetra, na inona na inona ny sata fifindra-monina misy azy, na mañana na tsia ny RAMQ.

Jereo ny tranonkalan' ny Talem-paritra ny fahasalamam-bahoaka eto Montréal raha mila fampahalalana bebe kokoa momba an'io aretina io:

<https://santemontreal.qc.ca/population/coronavirus-covid-19/>

Rohy mahasoa

Lalam-Pampahalalana ankapobeny COVID-19 ny Alatsinainy ka hatramin' ny Zoma, amin'ny 8 ora maraina ka hatramin' ny 6 ora hariva

1 877 644 4545

Fitohizam-Panazavana ny Governemantan'i Kanadà ho an'ny daholobe amin' ny COVID 19:

1 833 784 4397

Ny OMS : <https://www.who.int/fr/emergencies/diseases/novel-coronavirus-2019>

Ny governemantan'ny Québec : <https://www.quebec.ca/sante/problemes-de-sante/a-z/coronavirus-2019/#c46333>

Ireto ireo fepetra vao haingana natao mba hamerana ny fiparitahan' ny COVID 19:

- Ny fitokanana an-trano an-tsitrapo mandritra ny 14 andro ny olona rehetra izay niverina avy tany ivelany nanomboka ny 12 Martsa 2020 ;
- Ny fitokanana an-trano mandritra ny 14 andro ho an'ny mpiasan'ny fanjakana rehetra sy ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny fanabeazana ary ny mpiandry raharaha rehetra, tsy miankina na ara-mpanjakana, izay niverina avy tany ivelany nanomboka ny 12 Martsa;
- Ny fanafoanana ny fivoriambe anatin'ny tsy misy Vonjy maika, na manao ahoana ny isan'ireo mpandray anjara;
- Ny fatapahana ny raharaha rehetra momba ny fikarakarana andavanandro (CPE, fikarakarana andavanandro ara-bola, fanampiana tsy ra-bola, ny fianakaviana) sy ny rafitra fampianarana (sekoly ambaratonga voalohany sy faharoa, ivontoeram-panofanana, sekoly tsy miankina, CEGEP, sekoly ambony sy oniversite) nanomboka tamin' ny 16 ka hatramin' ny 27 Martsa anisan'izany. Ny fahafantarana fa ny fepetra momba ny trano fandraisam-bahiny dia apetraka mba hitazomana ny servisy fikarakarana ho an'ny ray aman-dreny miasa ao amin' ny tambajotran' ny fitsaboana sy amin' ny serivisy tena ilaina;
- Farany, ny fisorohana sy ny fanaraha-maso ao amin' ny toera-pitsaboana ho an'ny olona izay mety ho ahiahiana na voamarina ho manana aretina.

© Novokarin' ny Fikambana ny Fiarahamonina Ara-Kolontsaina ho an'ny Fitoviana eo amin' ny Fahasalmana sy ny Fiaraha-Monina — ACCÉSSS

© fiaraha-miasa Help Children Côte d'Ivoire helpchildrenci9@gmail.com